# "ROCADE D'IARIVO" 3

# MATIN'NY LOZAM-PIFAMOIVOIZANA NY MPILALAO KITRA MATIO STEVEN


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7468 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 12 janoary 2023


## MARINA IZANY ! 7
MAREFO !

## ANDRON'NY KABARY 2
MPIKABARY 130 HOTOLORANA MARIBONINAHITRA

## ANDAPA 4
MPANDRAHARAHA "VANILLE" NISY NIKAPOKA HAZO NY LOHANY

## TOLIARA : FITRANDRAHANA FASIMAINTY 8

# TAKIN'NY VAHOAKA NY



# FAMPANDEHANANA NY ASA

## ANTANANARIVO RENIVOHITRA




POTIKA NY ARABE, MARO IREO LAVAKA MAMPIDI-DOZA 8

## CNIDH 7
NANDISO NY RESAKA FIVAROTAN-JAZA ANY IKONGO

## FIAHIANA ARA-TSOSIALY
HISY NY PAIKADY FANATSARANA 8







Andro Maneran-tany ho an'ny kabary

# Mpikabary 130 hotolorana mari-boninahitry ny kanto sy teny

Notazomina ho andro maneran-tany ho an'ny kabary Malagasy ny 15 janoary taorian'ny fanambaran'ny Unesco fa lasa haren-tsaina tsy azo tsapaintanana maneran-tany ny Kabary Malagasy. Araka izany dia hanamarika io tsingerin-taona voalohany io amin'ny fomba ofisialy isika ka ny Federasionin'ny mpikanto teny sy Soratra miaraka amin'ny Minisiteran'ny serasera sy kolontsaina no mikarakara azy. Ny Alahady izao no fotoana voafaritra hanamarihana izany ka hisy ny fanolorana mari-boninahitry ny kanto sy teny ho an'ny mpikabary nahavita be izay hatao eny amin'ny Kianja Maitso Analamahitsy. Araka ny fanazavana dia ireo mpikabary nahafeno 15 taona nikabariana sy nahavita no ahazo ny mari-boninahitra araka ny fepetra napetraky ny minisitera sy ny Federasionin'ny Mpikanto Teny sy soratra ka 130 mianadahy avy amin'ny faritra maro eto Madagasikara no tolarana izany mari-boninahitra izany. Mialoha izany anefa dia hisy ny filaharambe ataon'ny mpisehatra


**Hifamotoana eo anoloan'ny LTP Alarobia ny rehetra ny Alahady 15 janoary 2022 amin'ny 7ora maraina.**

rehetra. Hifamotoana eo anoloan'ny LTP ( lycée technique) Alarobia ny rehetra ny Alahady 15 janoary 2022 amin'ny 7ora maraina. Miara-mizotra mankeny amin'ny Kianja maitso Analamahitsy, toerana hanaovana ny lanonam-panjakàna ao aorian' izay.

**Hankalaza ny faha-60 taona ny FIMPIMA**

Fa ankoatra izay dia hankalaza ny faha-60 taonany amin'ity taona ity ihany koa ny FIMPIMA maneran-tany. Homarihana amin'ny fomba miavaka sy manetriketrika ihany koa izany. Nandritra ny kabaran'ny Filohan'ny FIMPIMA maneran-tany Hanitra Andriamboavonjy noho ny taona vaovao no nanambarany izany. Ny 18 Febroary ho avy izao no fanokafana ny fankalazana amin'ny fomba ofisialy ary any amin'ny taona 2024 no famaranana. Hasongadina amin'izany fa velona sy miaina ny fikambanana ary manome aina ny mpiarabelona. Hisy ny fanolorana ny fanilo miampita. Hihazo ny faritra maro sy any ampitan-dranomasina ny hetsika ka samy handray anjara mavitrika ka hitondra ny anjara birikiny ny sampana rehetra. Indray mandeha tsy miverina ny faha-60 taona ka tokony hifanome Tanana sy hiray fo ny tsirairay.

Tiaray R

HOTSAKOTSAKOINA

«Isika olon-dehibe matetika dia alaim-panahy hanasarotra ny toe-javatra iray. Ny ankizy kosa, amin'ny maha-tsotra azy, mahita fahatsarana amin'ny maha-izy azy. »

**Ny Vetso (27.11.14)**

(«Nous les adultes avons tendances à compliquer les choses, mais les enfants, eux, voient le choses telles qu'elles sont, un point ! C'est tout !» Nicole Benoit-ROY)

Malomaloka ny volana janoary

# Artista roa namoy ny ainy tato anatin'ny herinandro

*Maloka ny andro ary nanorana teto an-drenivohitra hatramin'ny fiandohan'ity herinandro ity. Fa maloka toa izay ihany koa ny tontolon'ny mpanakanto mpihira teto amintsika. Artista azo lazaina fa sangany roa no nodimandry tato ho ato. I Papa Gui (Nary Arthur), nodimandry ny talata 10 janoary sy Tax Bouta, mpiangaly mozika nindaosin'ny fahafatesana omaly alarobia 11 janoary 2023 :*

**Papa Guy**
**Mpamoron-kiran'ny tarika Nary Arthur**

Rakotofamola Nary Guy. Izay no anaran'i Papa Guy na Nary Guy, izay anisan'ny namorona ny tarika Nary Arthur tamin'ny taona 1973 niaraka tamin'i Arthur. Izy mirahalahy ireo ihany koa no mpamorona sady mpanatontosa hiran'ny tarika Nary Arthur. Anisan'ny vazo nahafantarana an'i Papa Guy ny hoe : « Tsiahy » sy « Ventso ». Nodimandry ny talata 10 janoary 2023 (afakomaly) teo amin'ny faha-70 taonany i Papa Guy. Andrasana eny Ambohimanarina ny nofomangatsiakany ka araka ny programa, dia rahampitso zoma 13 janoary no hiainga eny an-toerana, hoentina hanomezam-boninahitra ao amin'ny Fjkm Antanety Fitahiana mialoha ny hametrahana azy any amin'ny fasan-drazany any Ankadinandriana Ankaraobato. Izy no nandao fa ny tsanganasany kosa mitoetra holovain'ny taranaka mifandimby.

**Tax Bouta**
**Mpikambana ao amin'ny Diosezy sy Rapadango**

Nanjombona ny tontolon'ny mozika rap omaly maraina. Nodimandry teo amin'ny faha-42 taonany Rafanomezantsoa Iarisolo na i Tax Bouta, mpiangaly mozika rap, mpikambana ao amin' ny vondrona Diosezy sy ny tarika Rapadango. Araka ny fantatra, ny toe-batany diabetika no nitarika tsy fahasalamana ho azy ka nitondra azy any amin'ny varo-tsy mifody.

Anisan'ny mampiavaka azy ny talentany eo amin'ny lafiny teknika sy ny fampiasany voambolana malagasy tsy dia mahazatra ny sofina. « *Very artista tena manan-talenta ny rap gasy, mankahery ny mpiondana azy rehetra fa ny kanto nataony dia mipetraka ho lova ho an'ny taranaka mifandimby"*, hoy Tongue-Nat. Marobe ireo mandefa ny ventsoventsom-pony ireo rehetra nifanerasera taminy na mpanakanto io na mpankafy tsotra. Tsy ho ary voatanisa eto ireny rehetra ireny.

Nangonin'i Fy

Dah Mama - Sanga Love - Ngiah Tax

# Valirombon'ny "bonne année" any Frantsa

Mbola maro ireo mpanakanto Malagasy no nijanona any ivelany any taorian'ny fetin'ny faran'ny taona iny. Mbola maro koa ireo mikonokonona fampisehoana any amin'izao fahatrarana ny taona vaovao izao. Anisan'izany Dah Mama, Sanga Love ary Ngiah Tax. Hiray sehatra ao amin'ny "Salle de Campel" any Frantsa izy ireo amin'ny sabotsy ho avy izao. Io no valirombon'ny "bonne année" hataon'izy ireo sady fisantarana ny sehatra amin'ity taona ity. Mbola hitohy hanao ny fitetezamparitra kely ao Frantsa izy



ireo aorian'io ary izay vao hiverina hihaona amin'ny mpankafy eto an-tanindrazana indray. Marihana moa fa anisany mpanakanto tena be mpankafy Dah Mama ao Frantsa ao, izay indrindra no mahatonga ny mpikarakara ity fampisehoana ity naka azy. Etsy andaniny kosa, dia mpanakanto azo lazaina fa mbola vao haingana no teo amin' ny sehatry ny mozika ry Sanga Love sy Ngiah Tax ka dia mandritra izao seho izao indrindra no hampahafantarana azy ireo bebe kokoa amin'ireo vahiny sy Malagasy monina any ivelany any. Nanomana ambiansy mafana izy ireo amin'io ary dia manantena fa maro ny hamaly antso.


Tanya.R

Toliara

# Hita ilay zaza vao teraka nisy nangalatra

Zaza vao teraka no nisy nangalatra tany amin'ny "clinique" iray tany Toliara ary rehefa natao ny fanadihadiana sy ny fikarohana dia hita tany amin'ny tanàna iray antsoina hoe Ankilimarovahatse ilay zaza. Vehivavy iray no hita nitondra ilay zaza menavava tamin' io. Fantatra nandritra ny fijeren'ny mpitsabo ny vatany fa tsy olona avy niteraka ity vehivavy ity ka nosamborina avy hatrany. Fa ankoatra azy, nosamborin'ny polisy ihany koa ilay mpampivelona tao amin'ilay toeram-pitsaboana satria niray tsikombakomba tamin' ity vehivavy niaraka tamin' ilay zaza ity. Io mpampivelona io mantsy no naka ilay zazakely tany amin'ny efitra misy ny reniny ka nahatonga ilay zaza tafavoaka tao amin'ilay "clinique". Mba hanatanterahany ny asa ratsiny mantsy dia nentin'ilay mpampivelona hoe hodiovina ilay zaza kanefa tany dia tsy niverina intsony. Efa tafaverina any amin'ilay reniny moa ilay zaza amin'izao fotoana izao. Mitohy kosa ny famotorana ireo vehivavy roa voasambotra.

T.H



Kitra - Jet Mada Espoir

# Matin'ny lozam-pifamoivoizana i Matio Steven



Misaona ny tontolon'ny fanatanjahantena eto amintsika, nodimandry tampoka teo amin'ny faha-20 taonany Rabenoro Matio Steven mpilalaon'ny Jet Mada Espoir, eo amin'ny taranja baolina kitra. Raha ny vaovao voaray, vokatry ny lozam-pifamoivoizana nitranga teny amin'ny «Rocade Iarivo» ny talata alina teo no nahatonga izany, ka teny an-dalana hamonjy hopitaly no tsy tana intsony ny ainy. Azo lazaina, fa maty tanora ihany izy, izay vao 20 taona monja. Isan'ny mpilalao nahay baolina i Matio, izay tao amin'ny klioban'ny ASR no nanombohany, ho an'ny sokajy latsaky ny 10 taona. Tamin'ny 2015 kosa izy no nifindra tao amin'ny Jet Mada, ka tamin'ny 2017 dia an'isan'ireo mpilalao nandrafitra ny ekipan'ny JET niatrika fifaninanana tatsy Maorisy ny tenany. Ny toeran'ny irakirakara mpanafika no manavanana azy, izay sady lava no ranjanana, ary ny fahaizany mampiasa ny haben'ny vatany sy ny mandaka tampoka no tena mampiavaka azy. Olona mahay mifandray sy mifanerasera amin'ny rehetra ao anatin'ny klioba i Matio, izay vao afaka bac tamin'ny taona lasa. Ny dadany hatrany moa no mitondra sy nanaraka azy eny amin'ny fanazarantena sy "match", izay vao 12 taona ny tenany dia efa maty ny Reniny. Rahampitso moa no haterina eny amin'ny fasandrazany Vahakomby Fieferana ny nofo mangatsiakany, aorian'ny fanomezamboninahitra Andriamanitra hatao ao amin'ny FKFM Ambodivona. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany manontolo.

**Rabenaivo**

Andrianotahiana Radonirina "Radokely"

# Manan-talenta amin'ny fikabariana fa tsy ny baolina kitra irery ihany

Mpilalao manana talenta amin'ny filalaovana baolina kitra no vahinin'ny tsanganana, anio, kanefa tsy atoro voanjo hadiana ihany koa amin'ny fikabariana ampanambadiana, nolovainy tamin'ny razambe niavian' ny reniny. Vao 10 taona niainana teto an-tany i Radonirina Andrianotahiana, antsoin'ny maro hoe "Radokely", dia efa niaina tamin'ny fikabariana. Mpilalao baolina kitra novolavolain'ny Sekolin'ny AJESAIA izy, izay naniry ny ho matihanina toa an-dry Bolida sy ry Voavy Paulin ireny. Nitana ny toeran'ny irakiraka mpanafika sy mpandrindra "Poste 10" tao afivoan'ny kianja. Nantsoin' ny tekinisianin'ny Barea de Madagascar, nanantevindaharana ny latsaky ny 18 sy ny 20 taona. Napetraky ny mpanazatra Jeremia Randriambololona tompontoerana tao amin'ny ekipa divizionina voalohan'ny AJESAIA, teo anelanelan'ny taona 2017-2019. Ny mpanaraka an'ity taranja ity dia nihevitra fa ho lasa lavitra tamin'ny filalaovana kitra izy. Noho ny fianarana norantoviny tao amin'ny "*Institut Universitaire de Madagascar*", tompondakan'ny "Tournoi Inter-Universitaire" matetika tamin'ny kitra, ka nahazoany ny "*MASTER II en G.A.E* ", dia lasa mpitantam-bola izy. Nampiarahiny an'izany ny fanentanana sy ny fanaovana kabary, nanomboka tamin'ny taona 2009. Manahirana ny mpifanandrina aminy koa ny mifanehitra aminy amin'ity sehatra iray ity. Ho fanomezany toky ny raiamandreny manankanaka manao fanatanjahantena, kanefa mbola manohy ny fianarany dia nanteriny fa : " *Afaka miaraka tsara ny baolina kitra sy ny fianarana rehefa hay ny mandanjalanja azy* ". Momba ny fikabariana dia nataony tarigetra ny hoe : "*Kabary Malagasy Miaina – MC'KIASY* ". 502 ny kabary am-panambadiana efa nataony.



**Nisafidy azy "Andry Pro", nanapa-kevitra ny hikopak'elatra ! (Sary a.r)**

**Làlana nizorany**

Tamin'ny taona 2011 izy dia niatrika ny "*Tournoi de Petite Ile de la Réunion – U13*", niaraka tamin-dRajery sy Me Haja. Nisedra ny «Mondial Pupilles 2012 – U13» tany Plomelin, ary ny «Tournoi de Croissy Beaubourg tany France, izay nahazoany ny amboaran'ny mpampidi-baolina betsaka indrindra. Tamin'ny taona 2014 – 2017 dia voaantso tao amin'ny Barea de Madagascar «U18» sy «U20», nifaninana tatsy Mayotte sy Comores.

**aris rafaly**

Taekwondo WT - " Camp d'entrainement "

# Nasaina ho any Alzeria i Nicolas Randriamiandrisoa

Nasain'ny Federasiona Iraisam-pirenena hanatrika lasy fifantenana sy fanofanana, hatao any Sidi M'Hamed, Alzeria, ny 9 hatramin'ny 11 Marsa 2023, ilay Malagasy Randriamiandrisoa Nicolas, eo amin'ny taranja Taekwondo WT. Azo lazaina, fa vaovao tsara ho antsika izany satria dia tsy ny rehetra tokoa no no mahazo fanasana toy izao, fa ireo olona manana ny maha-izy azy sy mahafehy tanteraka ilay taranja. Tafiditra amin' ny fiomanana sahady ny Lalao Olympika, tanterahana any Paris Frantsa amin'ny 2024 ity. Marihana, fa isan'ireo toby nahazo fankatoavana amin'ny fanavaozam-baovao iraisampirenena ity atsy Alzeria ity, ka fampianarana manokana an-tserasera ho an'i Paris 2024 no hiompanan'ny fampiofanana. Maro ireo firenena nasain'ny federasiona iraisam-pirenena hanatrika ity lasim-panofanana ity, izay fomba fanaon'izy ireo isakin'ny taona iray mialoha ny hitrangan'ilay fifaninanana. Ho an'i Nicolas Randriamiandrisoa manokana, dia azo lazaina fa tena ampy traikefa ary vonona amin'ny fiatrehana izany ny tenany. Tsy zoviana amin'ny tontolon'ity taranja ity moa ny tenany, izay efa nanandratra avo ny voninahimpirenena, na izy nandray anjara nifaninana, na teo amin'ny lafin'ny fitsarana, izay hananany ny diplaoma sy marim-pahaizana amin' izany.

**Rabenaivo**

**Resy lahatra tamin'ny fahaizamanaony ny federasiona iraisam-pirenena.**



## CHAN 2023

Hatramin'ny nanoratana ny lahatsoratra dia mbola tsy niala an-daharana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana CHAN 2023, manomboka rahampitso any Algérie, ny ekipan'ny Lion'i Atlas-n'i Maroc, miaraka amintsika sy Ghana ary Soudan ao anatin'ny vondrona C. Noho ny olana misy eo amin'ny firenena roa tonta, dia niely ny feo fa tsy ho tonga any Algerie ny ekipam-pirenen'i Maroc. Mipetraka ho sahoan-dresaka ihany anefa izany rehetra izany, satria nanao lalao ara-pirahalahiana no sady fanomanantena tamin'i Ethiopie indroa miantaona i Maroc, izay nivoaka ho mpandresy tamin'ny isa 1 no ho 0 (mandroso) ary 2 no ho 1 tamin'ny miverina. Tetsy andanin'izany dia resin'i Mozambika 1 no ho 0 ny Black Stars tao anatin'ny 72 mn nilalaovana, satria tsy nanaiky ny "penalty" nomen'ny mpitsara lalao an'i Ghana ny mpifanandrina taminy.

**a.r**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-8)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-8)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia…Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-5)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia… Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-5)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-5)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, debara, fanaka, frigo, télé. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 441/6-3)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-7)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-7)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « Coupe homme ». Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-7)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plombier, réparation Makiplast. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 442/6-1)

### VIDANGE

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 440/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 440/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 440/6-2)

Andapa

# Mpandraharaha "vanille" nisy nikapoka hazo ny lohany

Tovolahy iray mpandraharaha mpanao "la vanille" no nisy namono tao amin'ny fokontany Ambodiangezoka, distrikan'Andapa, omaly. Ny lehiben'ny fokontany no nampandre ny zandary ny zava-misy ka rehefa natao ny fizahana dia maty nihosin-drà tao an-trano ilay lehilahy sady nahitana diankapoka ny lohany. Vao nandre izany ny zandary dia nidina ifotony niaraka tamin'ny mpitsabo nanao ny fizahana ny tranga. Olona efa nitsirara tsy misy aina intsony no novantanin'ireto tomponandraikitra ireto. Araka ny voalaza - tamin'ny hazo ny lohan'ilay lehilahy. Manaporofo izany ny fahitana rà teo amin'ny vatana mangatsiaka, hoy ny loharanom-baovao. Vono olona niniana natao ilay tranga ary fantatra fa nisy vola 7 hetsy ariary nipetraka tao anaty kitapony. Nahavariana anefa fa tsy nalain'ireo olon-dratsy io vola io. Izany hoe rehefa avy namono izy ireo dia lasa nandositra, hoy ny fanazavana hatrany.

**Voarohirohy**

Talohan'ny famonoana dia vehivavy roa no hitan'ny olona niaraka tamin'ity namoy ny ainy ity tao antranony. Resaka raharaha "vanille" no hifandraisany amin'ireo vehivavy ireo ary fotoana fohy taorian'izay tafa izay, dia izy hita faty izao, araka ny loharanombaovao hatrany. Notazonina vonjimaika natao andrimaso any amin'ny zandary ireo olona voarohirohy ireo izy roa vavy niaraka taminy farany ireo sy ny tompon'ny trano nahitana ny razana. Marihina fa noho ny tahotra fitsaram-bahoaka sy ny mety hatezeran'ny olona dia voatery nafindra toerana ireto voasambotra. Ny vatana mangatsiaka an'ilay namoy ny ainy kosa efa naterina any amin'ny fianakaviany. Ny zandary zanatobim-paritra Ambodiangezoka no mandray an-tanana ny tohiny.

**Ariel D.**

Arivonimamo

# Olona 5 nivarotra basy tratra teo am-pitadiavana mpividy

Mpianakavy ihany izy 5 miandahy voasambotry ny polisy tao amin'ny distrika Arivonimamo, faritr'Itasy ny alakamisy teo. Basy novidiana tamin'ny efa-taona lasa no nokasain'izy ireo hamidy. basy poleta vita gasy iray (pistolet de fabrication locale) sy bala 9 mm miisa roa no tratra tany amin'izy ireo. Rehefa natao ny fanadihadiana dia fantatra fa novidiana tamin' olona iray tamin'ny fomba tsy ara-dalana tany amin'ny toerana iray ao anatin'ny distrika Miarinarivo izy ity efa-taona ka hamidin'izy ireo roa tapitrisa ariary. Noho ny vela-pandrika nataon'ny polisy anefa dia voasambotra ireto mpanao varomaizina ireto .

**Mahery Vaika**

*"Nisy ny hetsika roa nataon' ny Polisim-pirenena avy ao amin'ny kaomisaria Arivonimamo. Araka izany ary dia taorian'ny angom-baovao azo tamin'ny fisian'ny fikasàna hivarotra fitaovampiadiana. Nametraka ny tetika mahakasika izany ny polisy mba nahafahana miroso amin'ny fisamborana avy hatrany. Tamin'izany hetsika izany ary no nahasamborana olona miisa dimy. Lehilahy telo mpianaka sy vehivavy roa mpirahavavy, efa ampy taona avokoa izy rehetra ireo"* : hoy ny fanazavan'ny polisim-pirenena. Voalaza fa niara-nisalahy tamin'ny fitadiavana mpividy ity basy vita gasy ity ireto mpianakavy ireto. Mbola mitohy ny fikarohana ilay nividianana izany teo aloha. Izao no natao dia mba ho fisorohana ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana sy ny fanafihana mitam-piadiana mahery vaika ao amin'ny distrikan'Arivonimamo, araka ny fanazavana hatrany. Niakatra fampanoavana ny Zoma izy ireo ka naiditra am-ponja vonjimaika ao amin'ny Fonjan'Arivonimamo.

**Ariel D.**

Ampefiloha

# Lehilahy nilaza mahavita pasipaoro sy visa, olona iray voasoloky 6 tapitrisa Ar

Lehilahy iray 37 taona nisoloky sy nanao hosoka no voasambotry ny polisy miasa ao amin'ny "service Central des enquêtes spécialisées et de la Lutte contre les fraudes documentaires SCESLFD) Anosy teny Ampefiloha ny 5 janoary lasa teo. Nandritra ny fisamborana dia mbola nahitana karazana antontan-taratasy hosoka maromaro sy pasipaoro iray teny taminy. Nilaza ho mahavita pasipaoro sy visa schengen izy ka nahazoany vola mitentina 6 300 000 ariary ilay olona voasolokiny. Ny volana novambra lasa teo izy ireo no nifanena ary niresaka mikasika io zavatra io. Rehefa resy lahatra araka izany ilay olona dia nanome vola 600 000 ariary aloha hoe hanaovana ny pasipaorony. Taorian'izay dia nandefa ilay sarina pasipaoro misoratra amin'ny anaran' ilay olona nanaovany izany tokoa ilay lehilahy. Sary namboarina anefa io saingy nino tanteraka ilay olona tamin'izay fa pasipaoro tena izy io ka nahatoky ary nanome vola 800 000 ariary indray hanaovana visa. Fotoana vitsy taorian'izay indray nitondran'ilay mpisoloky "lettre d'engagement de retour", "faux récépissé de prise d'empreinte" "fausse validation de visa" ary "billet d'avion électronique fictif" misoratra amin' ny anarany io olona io ka dia roboka ary nandoa vola mitentina 4.300.000 Ariary sy 600.000 ariary indray.

**Tsy hita intsony**

Raha vao nahazo io vola io anefa ilay lehilahy dia tsy hita popoka intsony. Teo vao tonga saina ilay olona fa tena voasoloky ka nandeha nankany amin'ny biraon'ny polisy nametraka fitoriana. Nandray ny andraikiny nanao fanadihadiana sy nikaroka ilay olon-dratsy ny mpitandro filaminana ka io voasambotra io ilay lehilahy mpisoloky ary nentina tany amin'ny biraon'ny polisy. Taorian'ny famotorana teny anivon'ny mpitandro filaminana dia niakatra fampanoavana ny alatsinainy lasa teo ny raharaha ka naiditra am-ponja vonjimaika ralehilahy mandram-pahatonga ny fotoam-pitsarana azy.

**T.H**

APMF - Lakandranon'ny Pangalana

# Hiroso amin'ity taona ity ny fanarenana an'i Mananjary mankany Manakara



**Afaka nifamoivoy tsara ny lakana amin'ny Lakandranon'ny pangalana.**

Hanomboka ny asa fanarenana ny lakandranon'ny Pangalana. Tetikasa goavana amin'ity taona 2023 ity ny ao Mananjary mankany Manakara ka eo amin'ny toerana atao hoe Ankatafana no hiainga. Nanao fanamarihana ny olomboafidy iray avy any amin'ny faritra iny fa 2 km avy ao amin'io kaominina Ankatafana io dia ritra tsy misy rano ka nivadika tora-pasika. Izany hoe tsy azo hivezivezena. Marina tokoa io vaovao io satria tsy mbola nisy fikitihana akory io toerana voalaza io fa anisany tetikasa hatao amin'ity taona ity. Araka izany dia amin'ny telo volana voalohany amin'ity taona 2023 ity no hatao ny fanokafana ny lakandrano Mananjary-Manakara. Ny Toamasina Mananjary kosa no efa tontosa izay lasa sembanandrahona indray ankehitriny taorian'ny fandalovan'ny rivodoza nisesy teo iny. Tsentsina ny ao Sondrara, Mahanoro ary ny moron'i Mangoro. Raha jerena amin'ny rafitra ara-jeografika dia mirefy 635 km ny halavan'ny Lakandranon'ny pangalana, avy any Toamasina hatrany Farafangana. Ny fiverenan'ny fifamoivoizana amin'izany lakandranon'ny pangalana izany dia tombony ho an'ny Madagasikara satria mitondra herijika eo amin'ny lafin'ny fandrosoana ara-toekarena ho an'ireo faritra efatra hampifandraisan'ilay rano, dia ny ao amin'ny Faritra Antsinanana, Vatovavy, Fitovinany ary ny Faritra Atsimo atsinanana. Tafiditra amin'izany ny fampiroboroboana ny sehatry ny fizahantany, ny fandraharaharana madinika ( jono, voly fanondrana), ary ny fitanterana entana izay fihariana iray hiveloman'ny mponina.

**Namotika azy**

Anisany veliranon'ny Filohan'ny repoblika ny famerenana amin'ny laoniny ny lakandron'ny pangalana ary efa natomboky ny ministeran'ny fitanterana ny asa tamin'ny alalan'ny « APMF » ny septambra 2019 ary niafara tamin'ny faran'ny volana desambra 2021 ho an'ny Toamasina sy Mananjary. Tetikasa goavana ny fanesorana ireo sakana goavana 12 na ny « points noirs ». Afaka nivezivezena iny lakandrano iny taorian'izay saingy anisany namotika azy indray ny sakana sasan-tsasany ny fisian'ny rivodoza teo dia ny Batsirai sy Emnati ka maro ireo faritry ny lakandrano tsentsina indray. Mifantoka ny amin'ny fikojakojana indray izany izao no hatao hahafahana mitazona ny halaliny sy ny habeny hahafahan'ny lakana mifamoivoy saingy ny tetikasa Mananjary Manakara no ho laharam-pamehana rehefa avy manamboatra ny ao amin'ny seranan-tsambo na ny « port maritime » Mananjary.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Tandremo*




## Hatsikana an-tsary

*Litera*




## Masoandro Miposaka

### Genesisy 5:1-2

Tamin'ny andro namoronan'Andriamanitra ny olona dia tahaka ny tarehin'Andriamanitra no nanaovany azy; lahy sy vavy no namoronany azy; dia nitahy azy Izy ka nanao ny anarany hoe Adama tamin'ny andro namoronany azy.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza manao an-tohim-bato amin-kavana.**

Ne soyez pas avec vos amis comme une pierre fendue (dont les morceaux se sépareront au moindre choc).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2849

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 9 | | | | | |
| | 5 | | 3 | | | | | |
| 7 | | | | | 6 | 4 | 9 | |
| 3 | 8 | | | | | | | 7 |
| | | | 8 | | 3 | 1 | | |
| | | | | | | 9 | | |
| | | 9 | 1 | | 8 | 6 | | |
| 6 | | | 5 | | | | | |
| | | | | 3 | | 7 | | 5 |

Valin'ny laharana 2848

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 3 | 8 | 2 | 5 | 7 | 6 | 9 | 4 |
| 4 | 5 | 6 | 1 | 9 | 3 | 8 | 7 | 2 |
| 2 | 7 | 9 | 4 | 8 | 6 | 1 | 5 | 3 |
| 9 | 4 | 5 | 7 | 3 | 1 | 2 | 8 | 6 |
| 3 | 6 | 7 | 9 | 2 | 8 | 5 | 4 | 1 |
| 8 | 1 | 2 | 5 | 6 | 4 | 9 | 3 | 7 |
| 5 | 9 | 1 | 3 | 7 | 2 | 4 | 6 | 8 |
| 7 | 8 | 4 | 6 | 1 | 9 | 3 | 2 | 5 |
| 6 | 2 | 3 | 8 | 4 | 5 | 7 | 1 | 9 |

CNIDH

# Nandiso ny resaka fivarotan-jaza tany Ikongo

*"Ray aman-dReny mandao zanaka noho ny tsy fisiana no misy any Ikongo fa tsy fivarotan-jaza araka ny vaovao miely etsy sy eroa", hoy ity rafitra mpiaro ny zon'olombelona ity.*



Tsy nanamarina ny fisiana fivarotan-jaza any Ikongo ny CNIDH.

Isan'ny mbola mitàna ny sain'ny olom-pirenena amin' izao fotoana izao ny mikasika ilay resaka fivarotan-jaza ao amin'ny distrikan' Ikongo niparitaka tao amin' ny tambajotran-tserasera tao anatin'ny herinandro izao. Tsy nitazam-potsiny izany raharaha izany ny Voamieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon' Olombelona (CNIDH) ka nanatanteraka fanangonam-baovao sy fanamarinana teo anivon'ireo sampandraharaham-panjakana, olomboafidy sy firaisamonim-pirenena any an-toerana. Raha nanamarina io tranga io ny depiote voafidy tany an-toerana Brunelle Razafitsiandraofa dia nandiso izany ity rafitra mpiaro ny zon'olombelona ity ary nanambara fa mbola tsy voamarina hatreto ny fisian' ny tranga fivarotan-jaza ao anatin'ny distrikan'Ikongo. "*Noho ny fahasarotan'ny fihariana sy ny tsy fanjariana ara-tsakafo izay nihamafy, indrindra taorian' ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai izay namela takaitra mafy, dia nisy ireo Ray aman-dreny no voatery nametraka ny zanany tany amin'ny fianakaviana izay noheveriny fa mety hanana ny fahafahana mikarakara ireo ankizy voalaza ireo mandritra ny mosary* », hoy ny CNIDH tamin'izany.

### Zaza telo

Ny dikany, miainga amin'io fanambaran'ny Voamieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona dia Ray aman-dReny mandao zanaka noho ny tsy fisiana no misy any Ikongo fa tsy fivarotan-jaza araka ny vaovao miely etsy sy eroa. Notsipihan'ny CNIDH tamin'izany fa zaza miisa telo kosa no nilaozan'ireo Ray aman-dReniny nandritra ny taona 2022. Mpirahalahy ny roa. Enin-taona ny zokiny ary efa-taona ny zandriny. Voalaza fa manana tsy fahatomombanana ara-tsaina ny renin'izy mirahalahy ireto ka nandray sy nampianatra azy ireo ny sampandraharahan'ny Mponina any an-teorana. Ankizivavy dimy (05) taona navelan'ireo Ray aman-dreniny tao Ambalavolo noho ny tsy fisiana ny iray.

**Mamy R.**

Marina izany !

## Marefo !

**Eo amin'ny lafiny toetr'andro, hanorana amin'ny faritra maro eto amin'ny firenena ao anatin'ny andro vitsivitsy. Tsy atao mahagaga izany satria tena ao anatin'ny fahavaratra isika. Vokatry ny orana nirotsaka tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, lasa marefo ny faritra maro eto amin'ity renivohitr'i Madagasikara ity : ireo faritra iva lasa dibo-drano ary tsy vitsy ireo lalana no sady dobo rano no feno lavaka. Sahirana ny mpamily noho ny haratsian'ny lalana, mitaintaina ny tompon'ny fiara amin'ny fahasimban'ny fiara vokatry ny lalan-dratsy. Noho ireo endri-javatra rehetra ireo, mahatsiaro ho marefo ny tontolon'ny fitaterana satria tsy ireo mpampiasa lalàna no sahirana fa eo indrindra ihany koa ny mpandeha na izany ny mpandeha amin'ny fiara fitateram-bahoaka na izany ny mpandeha an-tongotra. Mahakasika ireto farany, mahatsiaro ho marefo izy ireo eo anatrehan'ny fiakaran'ny vidim-bary tato ho ato. Marefo satria tsy maharaka izany ny fahefa-mividin'ny maro. Indrindra ireo mpikarama isan'andro. Saingy toa tsy eo amin'ny vidim-bary no mamparefo ny mpanjifa fa amin'ny vidin'ny entana ilaina andavanandro sasantsasany. Asa moa raha mba ho lasa matanjaka kokoa ny fahefa-mividy raha ho tonga amin'ity volana janoary ity ihany ny fiakaran'ny karama fahita rehefa asaramanitra tany aloha tany. Raha mbola marefo mantsy ny fari-piainan'ny maro, tsy vitan'ny hihalalina ny fahantrana sy ny fahasahiranana fa ahiana hanao izay hahavelona azy ny tsirairay miova tsy toy ny any anaty ala. Tsy izay anefa ny fanamby amin'izao taom-pifidianana izao fa mba ho taonan'ny fandresena. Tsy fandresen'ireo hilatsaka ho fidiana fa fandresen'ny vahoaka izay mpifidy tompon-tsafidy farany ! Tsy vahoaka marefo fa vahoaka ...matanjaka !**

Herivonjy RAJAONAH

Fivoriamben'ny CENI

# Tsy mbola nisy resaka ny famoahana ny tetiandrom-pifidianana



Tsy mieritreritra ny hamoaka mialoha ny tetiandrom-pifidianana ny CENI. (Sary fanehoana)

Nitodika teny anivon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana na CENI ny mason' ny olom-pirenena mpanara-baovao nandritra ny fivoriambe notanterahan'izy ireo teny Alarobia, omaly. Isan'ny nandrasan'ny olom-pirenena mpanara-baovao sy ireo mpanao politika ivelan'ny fitondrana ary ny firaisamonim-pirenena tamin'izany ny amoahan'ny CENI ny tetiandrom-pifidianana amin'izay. Araka ny loharanom-baovao akaiky io rafitra mpikarakara fifidianana io, dia tsy nodinihina sy tsy noresahina nandritra izany fivoriambe izany mihitsy ny momba io famoahana ny tetiandrom-pifidianana mialoha io. Dia tsy vitsy ireo nilaza taorian'izany fa tsy isan'ireo laharam-pahamehan'ny mpitondra amin'ity taona ity mihitsy ny fanatanterahana izany fifidianana izany. Raha atambatambatra kosa ny fanehoan-kevitry ny mpikamban'ny CENI tato ho ato dia toy ny mametraka izy ireo fa tsy afaka mamoaka datim-pifidianana raha tsy feno tanteraka ny vola ho entimiatrika izay fifidianana hotanterahina eto. Marihana fa taom-piasana roa no miara-tapitra amin'ny fiandohan'ny taona 2024, dia ny an'ny Filohan'ny Repoblika, an'ireo Ben'ny Tanàna sy ny mpanolotsain'ny kaominina. Dia mihevitra ireo herivelona rehetra eto amin'ny firenena fa mba hampitovy zo ireo mieritreritra handray andraikitra ka hirotsaka dia mila fantatra mialoha ny tetiandrom-pifidianana.

### Fihodinana faharoa

Etsy andanin'izany, ankoatra ny fanaovana tombana ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana, izay hifarana amin'ny 31 janoary izao dia nifantoka tamin'ny fanomanana ara-teknika ny fifidianana hotanterahana eto ihany koa ny fivoriamben'ny CENI, omaly. Nahazoam-baovao tamin'izany fa tsy nijanona teo amin'ny fanomanana ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany ihany ny resaka fa nitohy hatramin'ny fanomanana ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa ihany koa. Izany hoe, raha miahiahy amin'ny mety tsy hahatanteraka ny fifidianana filoham-pirenena sy fifidianana kaominaly amin'ity taona ity ireo mpanao politika sy firaisamonim-pirenena, ankilany dia efa mieritreritra kosa ny CENI fa hisy fihodinana faharoa amin'ny fifidianana filoham-pirenena, andaniny.

**Mamy R.**

Toe-draharaham-pirenena

# Manomboka mizarazara ireo mpanohana ny Filoha

Efa manakaiky tokoa ny fotoam-pifidianana ka manomboka mijery ny asiany ny tongony ireo mpanao politika. Ireo mpanohana akaiky ny fitondrana no tsikaritra tato ho ato fa efa manomboka mizarazara izy ireo. Tsy tahaka ny tamin'ny fanombohana ny fepotoam-piasan'ny Filoham-pirenena ankehitriny ny faharisihan'izy ireo manohana ny asa vita. Ireo solombavambahoaka moa no tena ahitana taratra ity toe-javatra ity. Indrindra taorian'ireny fitsipaham-pitokisana ny governemanta izay tsy nahomby farany teo ireny. Asa na efa manomboka mijery ny tombotsoany amin'ny ho avy izy ireo na ahoana fa toa tonga hatrany amin'ny ady an-trano madinidinika aza ny raharaha. Amin'izao toe-draharaha politika mafana izao anefa no tokony hiazakazahan'ireo mpanohana ny Filoha mba miray hina hahafahany mamita ampitoniana ny asany. Tsy izany anefa ny zavatra miseho fa toa somary misitritrisika daholo ny ankamaroany rehefa hakana fanazavana momba ny raharaham-pirenena. Ny sasany aza efa manomboka misitaka sy mivoy ny hevitra manohitra ny fitondrana. Nanomboka izany ny fisitahana izany ny Antoko MMM izay notarihan'ny Filohany. Misy koa ny depiote sasany niainga avy amin'ny vondrona politika misy ny Filoha no mitsangana hifaninana aminy manoloana ny vahoaka ankehitriny. Ady fiady ao anatin'ny fanaovana politika daholo anefa izany ka anjaran'ny Filohan'ny Repoblika maka fanapahan-kevitra dieny izao hamaritany ny lalan-kizorany.

**JUDD**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Toliara I

# Takian'ny vahoaka ny fampandehanana ny fitrandrahana fasimainty

Mihasahirana ny vahoaka ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Mitaky ny fampandehanana ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ataon'i Base Toliara ireo mponina ao amin'ny distrikan'i Toliara I. *"Mangataka ny hanokafana ny Base Toliara izahay filohampokontany, misolo tena ny Vezo aty Atsimo Andrefana. Tsy misy orinasa goavana eto Toliara. Base Toliara no hitanay vahaolana amin' izany. Naneho ny fahavononany hitondra fampandrosoana amin'ny faritra tsirairay avy ny fanjakana. Miombon-kevitra amin'izany izahay mba ho tombontsoan'ny vahoaka iandraiketanay. Ny fanokafana ny Base Toliara ihany no hahafahan'ny fanjakana manatanteraka izany."*, hoy Dadany, filoham-pokontany Akiembe ambany. Nilaza koa i François Ramilison, filoham-pokontany ao Mahavatse II Andrefana *fa "mivelona amin'ny ranomasina ny tanànanay. Mitombo andro aman'alina ireo olona tsy an' asa. Ankasitrahanay raha sokafan'ny fanjakana farany izay haingana ny Base Toliara. Hanampy anay amin'ny fialana ao anatin'ny fahasahiranana andavanandro, ary antenainay fa hanampy anay amin'ny fanomezana fitaovana amin' ny asa fanjonoana ataonay."*. Tsy mampaninona ireo mponina any an-toerana koa ny fametrahan'ity tetikasa ity seran-tsambo hamoahana ny vokatra fasimainty mankany Ivelany ao Andaboy. Nambaran'i Firmin Mahajanjy, olobe ao amin'ny fokontany Ankiembe ambany, fa tsy misakana ny asa fanjoana ny fisian'ny fotodrafitrasa eo amin'ity toerana ity fa vao mainka hanampy amin'ny fanaovana vonjy taitra raha misy ny loza ary mety hanome asa ho an'ny Vezo maro koa. Maro ireo efa nisitraka ny asa nataon'ny Base Toliara na dia mbola tsy nanomboka aza ny tetikasa toy ny fanomezana rano fisotro madio sy ny fametrahana jiro manazava ary ny asa tanamaro tao amin' ny fokontany Tsongobory, ny fanomezana fitaovampanjonoana sy vata fitehirizana hazan-drano ho an' ireo mpanjono tao Ambohitsabo, ny fampifionana arak'asa nomena ireo tanora tamin'ny kaominina maro samihafa, sns. Manantena ireto vahoaka ireto fa mbola ho betsaka ny tombontsoa ho azo raha mandeha ity tetikasa ity.

**Nanangana fikambanana**

Tsy nijanona tamin'ny fitakiana fotsiny ireo vahoaka tao amin'ny fokontany Besakoa sy Ambohitsabo fa nanangana fikambanana mihitsy mba hahafahan'izy ireo maneho hevitra sy sy mihaino azy ireo. *"Hafa mihitsy raha nisy orinasa vaventy afaka mandray ny trondro amidinay. Mihasarotra ny asa fanjonoana manolaoana ny fiantraikan' ny fiovaovan'ny toetr'andro. Anisan'ny nanohitra ity tetikasa ity izahay tany amboalohany noho ny tsaho niely fa misy fiatraikany arapahasalamana ny fitrandrahana ny fasimainty. Rehefa nahita ny fandrosoan'ny tanànan'i Tolagnaro sy ny fiainan'ny mponina tany izahay dia nahatsapa fa nofahanana lainga, eny fa na ny filazana fa manohitra ny fametrahana fotodrafitrasa ao Andaboy ny Vezo."*, hoy Doroky Lovasoa Michael, avy amin'ny Fikambanana Vezo Tea Longo. Mitaraina ho tsy an'asa tsy afaka manampy ny vadiny koa ireo vehivavy. "Mangataka izahay ny hanokafana ny Base Toliara. Tsy misy asa eto na ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy. Efa tsy misy intsony ireo orinasa lehibe teo aloha toy ny Toly, Sumatex, Vifotsy, sns. Lasa mitondra bisikileta posy ireo lehilahinay mba tsy hironana amin'ny asan-jiolahy. Fony mbola nihodina anefa ity tetikasa ity dia maro ny fiofanana azonay toy ny fanamboarana menaka sy savony, ny zaitra, sns.", hoy Nivo avy ao amin'ny fikambanam-behivavy FIVAMI, izay misy mpikambana eo amin'ny 3 700. Mbola namafisin'ny filoha lefitry ny fikambanana Kintana Fahazavana Ambohotsabo, Razafindravony Georgette, fa ny fisokafan'ny Base Toliara dia hitarika amin'ny fitsanganana orinasa maro ary hiteraka famoronana asa ho an'ny tanora.

**R. Muray**

Tsaramasay

# Nitondra fanampiana ho an'ireo traboina ny Star

Olona manodidina ny 98 avy amin'ny tokantrano 21 ao amin'ny fokontany Tsaramasay no traboina noho ny hain-trano nitranga ny talata lasa teo. Maherin' ny 50 ireo tsy misy toerana haleha ka napetraka eo anivon'ny fokontany. Sahirana izy ireo satria may fananana ary misy ireo tsy nisy azo noraisina intsony. Amin'ny maha orinasa tompon'andraikitra ny Star, tonga nanolotra fanampiana toy ny vary, rano cristaline ary ranom-boankazo karazany maro izy ireo omaly. "*Natoby tao amin'ny fokontany ny fanomezana rehetra fa ny hariva vao natao ny fizarana satria betsaka amin'ireo traboina mbola nandeha nitady vola. Omaly hariva kosa vao fantatra ny isan'ireo tena tsy misy hitoerana.*" hoy Razanadrakoto Justine, lefitry filohan' ny fokontany. "*Ity ny hetsika voalohany nataon'ny Star tamin'ity taona ity. Miezaka manampy sy mitondra izay voatsirambin'ny tanana izahay eo anoloan'ny voina. Vonona ny hiara-hiasa amin' ny fokontany eo anoloan'ny voina.*" hoy kosa Ravelo-arison Fanoa tomponandraikitra ny fifandraisana eo anivon'ny Star.

**Nath**

FID sy ny Minisiteran'ny mponina

# Fiahiana ara-tsosialy hisy ny paikady hanatsarana azy

Fotoan-dehibe ho amin'ny ho avin'ny fiahiana aratsosialy eto Madagasikara ny fihaonan'ny FID sy ny Minisiteran'ny mponina ary ireo Banky iraisam-pirenena sy ireo mpiara-miombon' antoka rehetra tao amin'ny Hotel Radisson omaly. *"Fiandohan'ny taona isika izao ka tsara raha misy ny jery todika mikasika ny programa fiahiana aratsosialy izay arindran'ny Minisiteran'ny mponina, tanterahan'ny FID ary vatsian' ny Banky Iraisam-pirenena vola sy mbola iarahana amin'ny mpiara-miombon' antoka maro, hijerena ihany koa ny asa izay hatao amin'ity taona 2023 ity. Fantasika tsara fa eo ampanavaozana ny paikady ho an'ny fiahiana ara-tsosialy manerana an'i Madagasikara ny Minisiteran'ny mponina amin'izao : hijerena hoe inona no mbola miandry ny fitondram-panjakana amin'ny fiahiana ara-tsosialy ho an'ireo olona marefo ara-pivelomana eto amintsika?"*, hoy Rtoa Rakotonirina Miarisoa Patricia, Sekretera jeneralin'ny Minisiteran'ny mponina tamin'ny mpanao gazety omaly. Fantatra amin'ny paikady nasionaly fa hatramin'ity taona 2023 ity dia ho ny 15 isanjaton'ny Malagasy tena marefo ara-pivelomana no voakasiky ny fiahiana aratsosialy ary ankehitriny dia eo amin'ny 12 isanjato eo ireo olona tena marefo efa misitraka an'izany.

**Vokany tsara**

Nisy vokany tsara ho an'ireo olona nisitraka ny fiahiana ara-tsosialy eto Madagasikara ireo programa rehetra efa natao ary tsy isika irery ihany no nahazoana vokatra tsara fa efa nijery ny nataon' ny firenen-kafa ihany koa satria efa nisy tany Brésil sy Pérou no niatombohan'ny fiahaina ara-tsosialy notohanan'ny Banky iraisampirenena izay vao tao Afrika. *"Nisy voka-tsoa isan-tokantrano sy ny fiarahamonina eto amin'ny firenena ny nisitrahana ny fiahiana sosialy natao teto amintsika fa tsy mbola ampy raha mitaha amin'ny isan'ny olona tokony hisitraka ny fanampiana"*, hoy Rtoa Ravelosoa Julia Rachelle, "Economiste principal" ny fiahiana sosialy eo anivon' ny Banky Iraisam-pirenena eto Madagasikara. Amin'ny volana jona 2023 no hanomboka ny programa vaovao ho entina hanomezana fintana hanjonoan'ny isantokantrano hisitrahana ny fiahiana sosialy amin'ny endriny vaovao mba tsy ho zatra ny ho tolorana hatrany. Efa misy ihany koa ny programa vaovao efa misy ny fankatoavana avy amin' ny "Conseil d'administration" ny Banky iraisam-pirenena izay mitentina 250 tapitrisa Dolara hatao manerana ny Faritra 23.

**Heriniaina A.**

Antananarivo Renivohitra

# Potika ny arabe, maro ireo lavaka mampidi-doza

Amin'izao fotoam-pahavaratra izao, tokony hitombo avo roa na telo heny ny fahamailoan'ny mpampiasa lalana rehetra. Tafiditra ao anatin'izany ireo mpitondra fiara, kodiaran-droa ary ny mpandeha tongotra izay samy mahita fa miharatsy ny arabe eto amintsika. Tsy vitan'izany fa misy amin'ireo lavaka fanariana rano maloto no tsy misarona intsony. Vao avy kely anefa ny orana dia miakatra ny rano ary tsy hita ny lavaka mety hampianjera. Matetika ihany koa, mifampitohy amin'ny lakandrano maromaro ireny fanarian-drano maloto tsy misarona ireny ka mety hampidi-doza mihitsy raha sanatria tsy hita. Tokony ho mailo ireo mpandeha tongotra satria izy ireo no tena atahorana. Ny lavaka kely tsy ampoizina, izay maro dia maro hita eny amin'ny arabe eny anefa mety hampianjera raha mandeha kodiaran-droa. Toerana maromaro eny 67 Ha toy ny eny Ankasina mivoaka vatobe no mampiteny irery ireo mponina. Sady mamotaka no malama ny arabe hany ka na fiara vaventy aza sahirana rehefa mandalo eo. Ny lalana avy any Ankazomanga mivoaka eo amin'ny mpivarotra atody iny koa efa volana maro no tsy voajery kanefa ireo taxibe mihazo an'i 67Ha iny daholo ny lalany. Ny lalam-pirenena efa tsy resahina intsony fa efa mihoatra amin'ny tokony ho izy ny zavatra misy sy iainana amin'izao fotoana izao.

**Nath**

Faritra iva

# Tsy afa-bela amin'ny fiakaran'ny rano

Rafotsibe very laona ka miandry izay higadonany. Izay no mahalaza ny zavatra iainan'ny mponina rehetra eny amin'ny faritra iva eto Antananarivo. Vao mirotsaka misimisy mantsy ny orana dia efa manafosafo eo antokontany ny rano ary raha maharitra ora iray na mahery izany vao maika loza no mitranga. Voakasik'izany ireo fokontany manamorona ireo lakandrano rehetra eto Andrenivohitra toy ny eny Ambodin'Isotry, Andravoahangy, Besarety, Andavamamba, Anjezika, Ampefiloha Ambodirano, Ankorondrano Atsinanana sy ny maro hafa. Raha ny tombana navoakan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro anefa, manomboka amin'ny 75 hatramin'ny 200mm ny habetsaky ny rotsak'orana tamin'ity herinandro ity ary anisan'ny nahazo filazana amin'ny habetsaky ny rotsak'orana Antananarivo Renivohitra, Antananarivo Avaradrano, Antananarivo Atsimondrano, Andramasina. Mbola hitovitovy amin'izay ny zavatra hitranga amin'ny herinandro ambony satria misy ilay tangoron-drahona arahi-maso miforona ao amin'ny ranomasimbe indianina. Miezaka miomana mialoha ihany ny olona mba hamerana ny fahavoazana. Mandrora mitsilany ihany anefa ka ny atao no miverina satria ireo fako ariana amin'izany tatatra sy eny anelakelan-trano eny ihany no fototra mahatondra-drano ny faritra iva rehetra eto. Tombanana ho betsaka hatrany ny rotsak'orana miaraka amin'ny oram-baratra ka mahazo filazana fampitandremana miloko mavo ny faritra Atsinanana, Alaotra Mangoro, Analamanga, Vatovavy, Analanjirofo, Sofia miampy ny ilany atsinanan'i Vakinankaratra sy Amoron'i Mania.

**Nath**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 880 - 01 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

## Rambon'omby sy tsaramaso

**Zavatra ilaina** : rambon' omby izay ilaina, tongolo gasy sy tongolo oignon, sakamalao, «épices » isan-karazany, tsaramaso fotsy

**Fikarakarana azy** : karakaraina tsara aloha ny rambon'omby. Sasana atao madio tsara, tetehina… Karakaraina ihany koa ny tongolo sy ny sakamalao sy ny tongolo gasy. Afangaro amin'ilay rambon'omby rehefa avy nasiana an'ireo hanitra isan-karazany.